FID'actus

n°19 • Mey / Mai 2025

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

© FID / Rado Rakotomanalina

Haraton'aina : Nitarika fiarahamonina mampiaty sy tsara rafitra

Filets de sécurité : une transformation sociale inclusive et structurante

5

« Miandrandra fiainana tsara kokoa izahay noho ny fandaharanasa Vatsin'Ankohonana »

« Avec le programme Vatsin'Ankohonana, nous espérons une vie meilleure »

11

EAGER : Manohana ny fahavitan-tenan'ny vehivavy sy ankizivavy ho an'ny hoavy tsara kokoa

EAGER : Autonomiser les femmes et les filles pour un avenir meilleur

80%

des récepteurs dans le projet sont des femmes

PARTICIPATION DE LA FEMME DANS LA PRISE DE DÉCISION

Augmentation du taux de femme participante dans la prise de décision globale dans les ménages en deux ans d'intervention (38% - 2016 vs 54% - 2018)

38% | **54%**

FEMME AUTONOME FINANCIEREMENT

30% | **45%**

Augmentation du taux de participation des femmes.

MÈRE LEADER

20 000

mères leader formées depuis le début de projet

SCOLARISATION DES FEMMES

338 800

femmes soutenues dans le cadre du projet depuis 2015 jusqu'à maintenant

*Evaluation à mi-parcours FSS - **Cadre de résultats et MIS

Matoan-dahatsoratra

Ny fanomezan-danja ny vehivavy, andry iankinan'ny fampandrosoana

Rehefa mivoatra ny vehivavy iray dia ny fiarahamonina iray manontolo no mandroso. Manana anjara toerana fototra eo anivon'ny tokantrano, ny fiarahamonina ary ny firenena ny vehivavy.
Ivon'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona ny vehivavy. Amin'ny maha mpisitraka azy ireo ny vatsy ara-bola, ao anatin'ny Haraton'aina, dia tohanana izy ireo hahatoky tena sy handray anjara kokoa amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, na eo anivon'ny ankohonana na eny anivon'ny fiarahamonina. Noho ireo fampiofanana samihafa ao anatin'ireo fandaharanasa, dia manamafy ny fahaiza-manaony sy mampiroborobo ny fahafahany manao asa mampidi-bola izy ireo, izay manampy azy hahaleotena.

Ny vehivavy no mpampianatra voalohany ary mampita amin'ireo taranaka ireo soatoavin'ny fanajana, fiasana ary firaisan-kina. Ny fanomezan-danja ny fanabeazana ny ankizivavy sy ny fanohanana ny fizakan-tenan'ny vehivavy dia manangana ny hoavy. Mbola maro ireo fanamby hatrehin'izy ireo : fanambadiana sy fitondrana vohoka aloha loatra, tsy fahafahana mahazo fanabeazana sy fiofanana arak'asa, tsy fahampian'ny soa fanararaotra ara-toekarena, herisetra mifototra amin'ny maha-lahy na amin'ny maha-vavy, tsy fitovian-jo, sy ny maro hafa. Ny fanesorana ireo sakana ireo, amin'ny famoronana tontolo manohana ny fivoarany, dia ahafahana miroso amin'ny fampandrosoana mampiaty. Ao anatin'izany indrindra no hanatanterahana ny tetikasa ho an'ny fizakan-tenan'ny ankizivavy sy ny vehivavy, antsoina hoe EAGER, izay mikendry ny hanapaka ny faribolan'ny fahantrana mifampita isaky ny taranaka.

Omena voninahitra manokana ireo izay mitondra isan'andro ny fiovana sy manome ainga ireo taranaka ho avy ao anatin'ity laharana ity. Ny fiatrehan'izy ireo ireo tranga sarotra, ny fahavononany hiofana, hanangana tetikasa sy hampandre ny feony dia manaporofo fa efa mby an-dakana ny fiovana.

Editorial

L'essor des femmes, pilier du développement

Lorsqu'une femme s'émancipe, c'est toute une société qui progresse. Son rôle est central au sein du foyer, de la communauté et du pays.
Dans les programmes de protection sociale, les femmes occupent une place essentielle. En tant que principales bénéficiaires des transferts monétaires, des Filets de Sécurité et de Résilience, elles sont encouragées à mieux s'affirmer et à s'impliquer davantage dans les prises de décisions, aussi bien dans le cercle familial que social. Grâce aux divers apprentissages fournis par les programmes, elles renforcent leurs compétences et développent leurs capacités à s'engager dans des activités économiques, leur permettant de gagner en autonomie.

Premières éducatrices des générations futures, les femmes transmettent les valeurs de respect, de travail et de solidarité. Investir dans l'éducation des filles et l'autonomisation des femmes, c'est investir dans l'avenir. Pourtant elles continuent à faire face à de nombreux défis : mariages et grossesses précoces, faible accès à l'éducation et à la formation professionnelle, manque d'opportunités économiques, violences basées sur le genre, inégalité des sexes, entres autres. Lever ces barrières, en créant un environnement propice à leur épanouissement, permet de favoriser un développement inclusif. C'est dans cette optique que s'inscrit le projet East Africa Girls' Empowerment and Resilience - EAGER qui soutient l'autonomisation des filles et des femmes, avec l'ambition de briser le cycle intergénérationnel de la pauvreté.

Ce numéro met à l'honneur celles qui, chaque jour, portent le changement et inspirent les générations futures. Leur résilience face aux épreuves, leur volonté de se former, d'entreprendre et de faire entendre leur voix sont autant de preuves que le changement est déjà en marche.

Tapatapany

Fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy

Notanterahina tao Mahajanga ny 8 martsa 2025, ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy, izay nitondra ny lohahevitra : « Ho an'ny vehivavy sy ankizivavy REHETRA : zo, fitoviana ary fahavitan-tena ». Namory vehivavy, firaisamonim-pirenena, mpiara-miombon'antoka ary mpanapan-kevitra maro samihafa ny hetsika, izay nanasongadina ny fandraisan'anjara sy ny zava-bitan'ny vehivavy. Izany dia fotoana iray nahafahana nampivoitra ny fahavitan-tenan'ny vehivavy sy ny ady amin'ny fanambadiana aloha loatra, tamin'ny "Herinandron'ny Haraton'aina", izay niarahan'ny Ministeran'ny Mponina sy ny firaisankina ary ny FID nanatontosa, ny 6 hatramin'ny 8 martsa, tamin'ny alalan'ny tranoeva, famelabelarana sy fizaran'ireo mpisitraka ny fihatsaram-piainany noho ny tetikasa. Nandray anjara feno ihany koa tamin'ny diabe sy ireo hetsika isan-karazany tamin'ny fankalazana ny vehivavy avy ao amin'ny FID Mahajanga.

Fandraisan'anjaran'ny FID tamin'ny Forum Sud-Sud 2025, ho an'ny fampiatina ara-toekarena

Solontena miisa telo avy amin'ny FID no nandray anjara tamin'ny "Forum d'apprentissage Sud-Sud" mikasika ny fiahiana mpiara-belona, nokarakarain'ny Banky Iraisam-pirenena tao Kigali tamin'ny volana Febroary 2025, izay nihaonan'ny mpandray anjara 270 avy amin'ny firenena miisa 60. Nifantoka tamin'ny fampiatina ara-toekarena ity hetsika ity ka anisan'ny tanjona lehibe ny fanamorana ny làlana sy ny fanamafisana ny fampidirana an-tsehatra ireo olona marefo amin'ny asa tsara sy maharitra. Olona miisa 500 tapitrisa maneran-tany no kendrena hahazo fanampiana hatramin'ny taona 2030, amin'ny alalan'ny rafitra fiahiana mpiara-belona. Nandray anjara tamin'ny fifanakalozan-kevitra sy atrikasa samihafa ny FID, ary nizara ny traikefa izay ananany amin'ny fampiatina ara-toekarena eny anivon'ny faritra an-tanàn-dehibe eto Madagasikara. Anisan'ireo soso-kevitra lehibe nivoitra taorian'ny hetsika ny fizarana ireo lesona sy fianarana ho an'ny sehatra anatiny, ny fanamafisana ny fiaraha-miasa « Sud-Sud », ary ny fampidirana ireo fanao tsara ho anaty hetsika sy tetikasa nasionaly.
Nitohy teto Madagasikara io fifanakalozana ifotony io, tamin'ny alalan'ny fandalovan'ny delegasiona avy amin'ny Repoblika Demokratikan'i Congo ny 19 ka hatramin'ny 23 Mey 2025. Nifototra tamin'ny fifampizarana traikefa manodidina ny fiahiana ara-tsosialy sy fijerena ireo asa ataon'ny mpisitraka hatrany ny hetsika.

Mpisitraka miisa 90 avy ao amin'ny ivon-toerana Azafady Babako ao Betsimeda, faritra Androy, no nahazo marika fahavitana fiofanana

Miisa 90 ireo mpisitraka nahazo mari-pahavitana fiofanana momba ny asa-tànana ao amin'ny ivon-toerana Azafady Babako Betsimeda, nandritra ny lanonana ofisialy notanterahin'ny Minisitry ny fizahan-tany synyasatànana.Nandritraizanydianampirantyireovokatrasyasatànana samihafa notanterahiny ireo mpisitraka : zaitra, fanamboarana savony, mofomamy, asa fanefena, fitaovana vita amin'ny hoditra sy lamba, sns. Ity hetsika ao anatin'ny fomba fiasa Azafady Babako ity dia manome fahafahana ara-toekarena hafa ho an'ny vondrom-piarahamonina mba hisorohana ny fanambadian'ny ankizy, izay mety heverina ho loharanom-bola azo antoka. Tsiahivina fa ny Azafady Babako dia hetsika fampivoarana iray natao hiadiana amin'ny fanambadiana aloha lotra.

Brèves

Célébration de la journée internationale des droits des Femmes

Le 8 mars 2025, la Journée Internationale des Droits des Femmes a été célébrée à Mahajanga, sous le thème « Pour TOUTES les femmes et les filles : droits, égalité et autonomisation ». L'événement a rassemblé femmes, OSC, parties prenantes et décideurs, mettant en lumière les initiatives féminines. Cela a été une occasion de valoriser l'autonomisation des femmes et la lutte contre le mariage précoce par le biais de la "Semaine FSR", réalisée conjointement par le Ministère de la Population et des Solidarité et le FID. du 6 au 8 mars, à travers des expositions, des conférences et le témoignage des bénéficiaires sur les premiers résultats du projet sur leur vie. Par ailleurs, les femmes de l'Antenne Majunga ont participé aux diverses festivités marquant la célébration.

Le FID au Forum Sud-Sud 2025, pour parler inclusion économique

Trois représentants du FID ont pris part au Forum d'apprentissage Sud-Sud sur la protection sociale, organisé par la Banque Mondiale à Kigali en février 2025, réunissant 270 participants de 60 pays. Centré sur l'inclusion économique, l'évènement visait à renforcer les parcours d'accès à l'emploi pour les populations vulnérables, de pouvoir aider 500 millions de personnes d'ici 2030 grâce à des systèmes de protection sociale adaptatifs. Il a également permis au FID de partager son expérience à Madagascar, notamment en zones urbaines. Parmi les recommandations retenues à l'issue du forum figurent le partage des enseignements au niveau local, le renforcement des partenariats Sud-Sud et l'intégration des bonnes pratiques dans les actions nationales. Cette dynamique s'est poursuivie à Madagascar, avec la visite d'une délégation de la République Démocratique du Congo du 19 au 23 mai 2025, en vue de partager les expériences du FID, observer les activités des bénéficiaires sur le terrain et engager un dialogue constructif autour des approches de protection sociale.

90 bénéficiaires du centre Azafady Babako certifiés à Betsimeda, région Androy

À Betsimeda, 90 bénéficiaires du centre de formation Azafady Babako ont reçu leurs certificats de fin de formation artisanale, lors d'une cérémonie officielle présidée par Madame la Ministre du Tourisme et de l'Artisanat. Durant cet événement, les bénéficiaires ont exposé leurs réalisations : maroquinerie, vannerie, pâtisserie, couture, forgerie, fabrication de savons, etc. Cette initiative de l'approche Azafady Babako, qui lutte contre le mariage précoce, offre aux communautés des opportunités économiques alternatives afin d'éviter le mariage d'enfants, pouvant être perçu comme source de sécurité financière.

© FID / Rahamefy Naly

« Miandrandra fiainana tsara kokoa izahay noho ny fandaharanasa Vatsin'Ankohonana »

Ao Nosy Boraha, i Joelle Hélène, izay renim-pianakaviana monina ao amin'ny fokontany Angniribe, dia tsy maniry hafa tsy ny hanome hoavy mamiratra ho an'ny zanany.

« Mpandoko trano ny asan'ny vadiko tany Toamasina taloha. Noho ny Covid-19 dia nihasarotra ny fiharianay ka nanapa-kevitra ny hiverina eto Nosy Boraha izahay. Mahalana ny vadiko vao mahita asa mandoko trano aty. Tsy manana anton'asa raikitra aho fa ny jono, ny fambolena sy fiompiana no hiainanay. », hoy izy.

Ankehitriny, noho ny fandaharanasa Vatsin'Ankohonana dia manantena fiainana tsara kokoa i Joelle Hélène. *« Manampy ny fidiram-bolanay ny Vatsin'Ankohonana. Ankoatra izany, dia manantena izahay fa hitondra fanatsaràna eo amin'ny lafim-piainana ireo hetsika fampivoarana sy fiofanana izay ho azonay. Maniry izahay ny hanana fidiram-bola maharitra, ny fahavitan-tena ara-tsakafo sy ny fahaizana mitantam-bola, ary indrindra fianarana sy hoavy mamiratra ho an'ny zanakay »,* raha ny nambarany hatrany.

Tahaka ireo ankohonana marefo maherin'ny 200 000 misitraka ny Vatsin'Ankohonana, manerana ny distrika miisa 26 eto Madagasikara, manoratra takila vaovao, amim-boninahitra sy herim-po, eo amin'ny fiainany i Joelle Hélène.

« Avec le programme Vatsin'Ankohonana, nous espérons une vie meilleure »

A Sainte Marie, Joelle Hélène, une mère de famille dans le fokontany Angniribe, ne souhaite qu'une seule chose avec son mari : offrir un meilleur avenir à leur enfant. *« Mon mari était peintre en bâtiment à Toamasina. Après avoir été frappés de plein fouet par les crises du Covid-19, nous avons décidé de revenir à Sainte Marie. Les contrats dans le bâtiment que mon mari pouvait dérocher sont rares. Sans emploi fixe, nous vivons modestement de la pêche, de l'agriculture et de l'élevage»,* raconte-elle.

Aujourd'hui, grâce au programme Vatsin'Ankohonana, Joelle Hélène porte un regard plein d'espoir sur l'avenir. *« Ce programme nous aide à renforcer nos revenus ainsi qu'à mieux envisager l'avenir. Avec les accompagnements et formations que nous allons recevoir, nous aspirons à une vie plus stable, à une meilleure gestion financière, à une autosuffisance alimentaire, et surtout, à l'éducation de notre enfant »,* confie-t-elle.

Comme les plus de 200 000 ménages vulnérables bénéficiaires de Vatsin'Ankohonana dans 26 Districts de Madagascar, Joelle Hélène écrit une nouvelle page de sa vie, avec dignité et courage.

Haraton'aina : nitarika fiarahamonina mampiaty sy tsara rafitra

Hatramin'ny taona 2016, ny tetikasa "Haraton'aina" (Filets de sécurité) notanterahin'ny FID teto Madagasikara dia nitarika fiovàna teo amin'ireo fiarahamonina niasana. Tokantrano mihoatra ny 1,26 tapitrisa no nahazo ireo "tantsoroka fampivoarana" ka nahafahan'izy ireo niroso amin'ny fahaleovantena, ny firaisankina sy ny fihatsaram-piainana lovain-jafy.

Fanainga nitarika fahaleovantena sy firaisankina

Azo tsapain-tanana ny vokatra : fihatsaram-piainan'ny fianakaviana, fanjariantsakafo, fananan'asa ary fanamafisana ny anjara toeran'ny vehivavy. Ankoatry ny fivoaran'ny ankohonanana nisitraka dia nihamafy ny firaisankina eo amin'ny mpiara-monina, nitombo ny fifampizaràna fahaiza-manao sy traikefa, ary niroborobo sy nahazo laka ny famoronana asa madinika. Maherin'ny 2 000 ny Vondron'olona an-toerana miara-manao tahiry sy mifampindram-bola (VOAMAMI) niorina, izay nitondra reni-vola sy nanohana ny asa fihariana sy famokarana. Ny asa fihariana iray dia niteraka asa fanampiny 1,5 hatramin'ny 2. Ary ny tena misongadina koa dia ny 60% an'ireo ankohonana manodidina, tsy mpisitraka ny tetikasa nefa, dia nandray sy nampihatra ireo fahalalana sy fihetsika miabo amin'ny fitantanam-bola, fanatsarana famokarana ary ny famoronana asa madinika.

Mpiantsehatra maro lafy, mifandrindra, ho an'ny vina lavitr'ezaka

Antoky ny fahombiazan'ny Haraton'aina ny fiaraha-mientan'ireo tompon'andraikitra rehetra eny ifotony : tompon'andraikitra ara-panjakana, mpiara-miombon'antoka tsy miankina ary ireo mpiara-monina. Nisy fifanarahana 20 mahery natao tamin'ireo ministera, rafi-panjakana sy rafitra tsy miankina. Mihoatra ny 366 000 ireo *"mpisitraka mandray andraikitra"* nahazo fiofanana tamin'izany, ary nahatratra 360 ny fotodrafitrasa ara-tsosialy nahorina na nohavaozina.

©FID / Rado Rakotomalala

Olompirenena mandray anjara, fiarahamonina miaina anaty filaminana.

Nisongadina ihany koa ny fandraisana anjaran'ny vahoaka amin'ny fitantanana : 1 589 ireo komity natsangana ho an'ny fifandaminana eo an-toerana, analiny mahery ny taratasy fanamarinana nahaterahana navoaka, anjatony ireo tompon-tany afaka nisoratra ara-dalàna, anarivony ireo « tombana sy fanjohina eny ifotony » (suivi et évaluation communautaire) notanterahina. Zaza sy tanora miisa 18 000 no voaaro amin'ny fanambadiana aloha loatra tamin'ny hetsika « *Azafady babako* ». Tany amin'ny faritra mena toa an'Isandra, Anosy sy Androy, dia tsapan'ny mponina fa nihena ny disadisa sy ny tsy fandriampahalemana noho ny fisian'ny tetikasa.

Fitsinjovana ny tontolo iainana

Sehatra nomena lanja amin'ny « *Haraton'aina* » ihany koa ny fanajana sy fiarovana ny tontolo iainana. Nisy ireo fampihofanana, ny fambolen-kazo, ny fanarenanan ny tany simba, ny fiarovana ny nofon-tany sy ny fitantanana ny rano, efa nahatratra 121 000 ireo tokantrano manaraka ny fanodinana fako sy fitandroana ny tontolo iainana. Ireo rehetra ireo dia manamafy ny fahaizan'ny mponina miatrika ny fikorontanan'ny toetrandro.

Arak'izany dia azo lazaina fa ny Haraton'aina dia mitarika fiarahamonina mampiaty, mandroso ara-toekarena, miahy ny tontolo iainana ary manamafy ny fahafahana miatrika sy miarina maharitra (sandatohitra) raha sendra tranga mahery.

Filets de sécurité : une transformation sociale inclusive et structurante

Depuis 2016, les filets de sécurité mis en œuvre à Madagascar par le FID ont déclenché une transformation sociale progressive, enracinée dans l'autonomie, la solidarité et la durabilité. À travers ce dispositif, plus de 1,26 million de ménages ont été accompagnés dans leur trajectoire vers une vie meilleure.

Un levier d'autonomie individuelle et collective

Les impacts sont tangibles : amélioration du bien-être familial, meilleure nutrition, accès renforcé à l'emploi, et autonomie croissante des femmes. Au-delà des résultats individuels, les dynamiques communautaires se sont enrichies : la solidarité locale s'est renforcée, les échanges de savoirs se sont multipliés, et l'entrepreneuriat de proximité s'est affirmé.

Plus de 2 000 Associations villageoises d'épargne et de crédit (AVEC) ont vu le jour, soutenant les activités génératrices de revenus. Chaque initiative entrepreneuriale crée jusqu'à deux emplois indirects, générant une dynamique inclusive au sein même des communautés. Fait remarquable, plus de 60 % des ménages non bénéficiaires ont adopté les bonnes pratiques diffusées par les participants, témoignant d'un effet d'entraînement réel.

Une coordination multi-acteurs pour une vision à long terme

La force du projet réside aussi dans sa capacité à fédérer les acteurs : autorités locales, services techniques, communautés et partenaires nationaux. Plus de 20 conventions ont été signées avec des ministères et institutions clés, créant une approche intégrée du développement. Près de 366 000 acteurs-bénéficiaires ont participé à des formations productives adaptées aux réalités locales. Cette synergie des compétences a permis la réhabilitation de 360 infrastructures sociales.

Une citoyenneté active pour une société apaisée

La gouvernance citoyenne s'est renforcée avec plus de 1 500 comités locaux créés, favorisant la participation active des communautés. Des milliers d'actes de naissance ont été délivrés, des titres fonciers régularisés, et des séances de suivi et d'évaluation communautaire organisées. Plus de 18 000 enfants et adolescents ont été prises en charge, contre le mariage précoce, à travers l'action *"Azafady Babako"* dans le grand Sud. Dans les zones sensibles comme Isandra ou Anosy, cette approche a contribué à réduire les tensions sociales, améliorant le climat de sécurité.

Un engagement environnemental concret

La dimension écologique du projet est tout aussi structurante. À travers des formations, du reboisement (3 575 hectares), la restauration des terres dégradées, la conservation des sols et la gestion de l'eau, la gestion et la transformation des déchets, plus de 121 000 ménages sont désormais acteurs de la préservation de leur environnement. Une réponse essentielle face aux défis climatiques.

En somme, les filets de sécurité apparaissent comme un tremplin vers une société plus résiliente, inclusive et consciente de ses responsabilités économiques, sociales et environnementales.

©FID / Rado Rakotomanalina

Marie Jeanne, ny fifohazanan'ny fandraharahana

Tao amin'ny fokontany Bezezika, ao Mahabo, dia niaina fahasahiranana lalina i Marie Jeanne Godvine, renim-pianakaviana manan-janaka telo, sady tsy nanana asa raikitra. *« Indraindray izahay dia tsy misakafo ao anatin'ny roa andro ary nandeha nianatra tsy mihinana ny zanako. Akanjo roa monja no nananany, izay nosasana tamin'ny rano ihany satria tsy nahatakatra savony »*, hoy izy mitantara.

Niova izany rehetra izany noho ny Asa Avotra Mirindra. Nahazo fiofanana amin'ny teknika fambolena izy, sady nampirisihina hihary sy hitahiry vola. Nanomboka nivarotra mofo mangahazo izy. Nividy zana-kisoa izy tamin'ireo vola noangoniny voalohany – 80 000 Ariary. *« Rehefa lehibe ilay kisoa dia nahazo 800 000 Ariary aho, izay nampiasaiko nividianana fitaovana sy kojakoja samihafa nanaovako varotra hani-masaka kely teny amoron-dalana. Avy eo, nanomboka niompy vorona sy akoho aho. Noentanina ihany koa tamin'ny tahiry iombonana izahay, ka niditra tao amin'ny VOAMAMI Fitiavana aho ary nihindram-bola nividianako tsikelikely ireo fitaovana nanaovako trano. Ankehitriny dia eto amin'ny tranoko eto no hanaovako ny varotro, ary mirehareha amin'izany aho. »*

Ankehitriny, misakafo tsara ny zanany sady mianatra any amin'ny sekoly tsy miankina. Feno fitokisana i Marie Jeanne amin'ny ho avy. *« Tsy menatra intsony aho. Tahaka ny zaza rehetra ny zanako »*, hoy izy amin-kafaliana. Eo am-panasana ireo kojakojan-dakozia dia tsy mihira intsony mba hanadinoana izy… fa mihira ho fisaorana ny fiainana : *"Asa Avotra Mirindra manaraka teknika, foana teo bon an'ny amin'ny la botika, iao, iao, iao, iaiaiao."*

Marie Jeanne, l'éveil de l'entrepreneure

Dans le fokontany de Bezezika, à Mahabo, Marie Jeanne Godvine, une mère célibataire de trois enfants, sans emploi stable, peinait à nourrir sa famille. *« Il nous arrivait de ne pas manger pendant deux jours. Les enfants partaient à l'école le ventre vide. Nous n'avions que deux vêtements que l'on lavait à l'eau, faute de savon »*, se souvient-elle.

Grâce au programme Asa Avotra Mirindra, tout a changé. Formée aux techniques agricoles et encouragée à épargner, elle commence à vendre des beignets de manioc. Avec ses premières économies – 80 000 ariary – elle a acheté un porcelet. *« Une fois adulte, le porc m'a rapporté 800 000 ariary. Avec cette somme, j'ai acheté une vitrine et des ustensiles pour monter une petite cantine à ciel ouvert, au bord de la route. Ensuite, j'ai commencé un petit élevage de volailles. Par ailleurs, nous avons été sensibilisés à l'épargne communautaire ; j'ai donc rejoint l'Association Villageoise d'Epargne et de Crédit (AVEC) Fitiavana, où j'y ai fait des prêts pour acquérir, au fur et à mesure, les matériaux pour la construction de ma maison. Désormais, je tiens ma gargote sous le porche de la maison et j'en suis vraiment fière. »*

Aujourd'hui, ses enfants mangent à leur faim et vont à l'école privée. Marie Jeanne regarde l'avenir avec confiance. *« Je n'ai plus honte. Mes enfants sont comme les autres »*, dit-elle allègrement. Et elle, en nettoyant ses casseroles, ne chante plus pour oublier… mais pour remercier la vie. *"Asa Avotra Mirindra manaraka teknika, foana teo bon an'ny amin'ny la botika, iao, iao, iao, iaiaiao"* (Asa Avotra Mirindra avec les pratiques techniques, désormais nous n'avons plus de dette auprès des commerçants).

Fanontaniana 3 ho an'i ... / 3 questions à ...

Nanou Rakotoarinoro

Lehiben'ny birao iraisam-paritry ny FID Mahajanga / Cheffe de l'Antenne Régionale de Mahajanga - FID

1. Inona no heverinao fa fanoitra lehibe manamafy ny fahavitan-tenan'ny vehivavy ?

Ho fanohanana ireo vehivavy handray andraikitra dia ilaina aloha ny fandrisihana azy ireo handray anjara mavitrika amin'ireo lafiny rehetra eo amin'ny fiainana : ara-tsosialy, arak'asa ary ara-toekarena.

Zava-dehibe ihany koa ny fanentanana hampivoarana ny toe-tsaina, indrindra ho an'ny eto Madagasikara izay mbola marisarisa amin'ny fanekena ny lanjan'ny vehivavy.

Anisan'ny singa fototra ihany koa ny fahazoana fanabeazana, fiofanana arak'asa, fampindramam-bola, asa, fitsaboana.

Farany, tokony ho tohanana tanteraka ny fandraisan'ny vehivavy anjara feno amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra, na ao an-tokantrano na eo anivon'ny fiarahamonina.

1. Selon vous, quels leviers essentiels pour renforcer l'autonomisation des femmes ?

Pour donner aux femmes les moyens d'agir, il faut d'abord encourager leur participation active dans tous les domaines de la vie sociale, professionnelle et économique.

La sensibilisation est également essentielle pour faire évoluer les mentalités, notamment à Madagascar, où les femmes ne sont pas toujours reconnues à leur juste valeur.

L'accès à l'éducation, à la formation professionnelle, au crédit, à l'emploi, aux soins constitue également un levier fondamental.

Enfin, leur rôle dans la prise de décisions, au sein du foyer comme dans la société, doit être pleinement soutenu.

2. Amin'ny maha vehivavy anao, inona avy ireo fanamby atrehanao ?

Ny fanamby lehibe indrindra dia ny fandrindrana ny fahombiazana sy ny maha-ohatra ho an'ny hafa. Mila manatanteraka an-tsakany sy andavany ny andraikitro aho, sady fitaratra ho an'ny vehivavy hafa koa. Mampitombo hatrany ny finiavako izany.

Na izany aza, tena mirehareha aho amin'ny andraikitra omena ahy eto anivon'ny FID, amin'ny maha vehivavy ahy. Manantena aho fa afaka manome aingam-panahy ireo namana mbola misalasala.

Ho ahy manokana, ity andraikitro ity dia fomba iray ahafahako maneho fa manana ny anjara toerany ny vehivavy rehetra, amin'ny sehatra rehetra, na amin'ny fanapahan-kevitra na amin'ny fandraisana andraikitra.

2. En tant que femme et cheffe d'antenne, à quels défis faites-vous face ?

L'un de mes plus grands défis est de concilier performance et exemplarité. Je dois assumer pleinement mes responsabilités tout en étant un repère et un soutien pour d'autres femmes. Cela renforce mon engagement.

Cela dit, je ressens une réelle fierté de mon rôle au sein du FID, en tant que femme. J'espère pouvoir inspirer celles qui hésitent encore. Pour moi, ce rôle

est une façon concrète de prouver que les femmes ont toute leur place, à tous les niveaux de décision et d'action.

3. Ahoana ny fandrindranao ny andraikitrao arak'asa sy ny fiainam-pianakaviana ?

IToy ny vehivavy maro dia miezaka mampifandanja ny asako sy ny fiainan-tokantranoko aho. Tsy mora foana izany fa safidy raisiko an-kitsimpo. Azo atao tsara ny mivelatra amin'ireo sehatra roa ireo, rehefa misy ny fandaminana, ny herim-po anaty ary indrindra ny fitiavana.

Nianatra nametraka fetra sy nitandro ny fahatoniako aho. Zava-dehibe ho ahy ireo fotoana mamy hifampizarako amin'ireo olona akaiky ahy, ary toy izay koa ny fotoana atokako ho ahy manokana : manao fanatanjahantena, miantsena, mitsangatsangana... Rehefa mandeha lavitra aho, dia antso an-tariby isan'andro no hitazonako ny fifandraisako amin'ny zanako. Toy ny zava-bitika izany saingy manampy ahy hifantoka sy hiverina amin'ny tena zava-dehibe amin'ny fiainana.

Andraikitra maro no sahanina amin'ny maha vehivavy, maha-lehiben'ny birao ary maha-reny izany – izay mety mamizana indraindray saingy tanterahina amim-pinoana hatrany. Te handrisika ny vehivavy tsirairay aho hahatsapa fa afaka manova zavatra izy. Ny fandraisantsika andraikitra isan'andro, ny herim-pontsika, dia manangana hoavy mahitsy sy ara-drariny kokoa ho an'ny ampitso. Ity tenin'i Estéé Lauder ity no hamaranako azy hoe *« Tsy mbola nanofy fahombiazana aho. Niasa aho ho tonga amin'izany »*

3. Comment conciliez-vous vos responsabilités professionnelles et votre vie personnelle ?

Comme beaucoup de femmes, je jongle chaque jour entre mon travail et ma vie de famille. Ce n'est pas toujours simple, mais c'est un choix que j'assume pleinement. Il est possible de s'épanouir dans ces deux sphères avec de l'organisation, de la force intérieure et surtout beaucoup d'amour.

J'ai appris à poser des limites et à préserver mon équilibre. Les moments de qualité avec mes proches sont essentiels, tout comme le temps que je m'accorde : sport, shopping, balades ... Même en déplacement, un appel quotidien me permet de garder le lien avec mes enfants. Ce sont de petites choses mais elles me reconnectent à l'essentiel.

Être une femme, cheffe d'antenne et mère, c'est porter plusieurs rôles à la fois - parfois avec fatigue mais toujours avec foi. Je souhaite que chaque femme se sente capable de faire bouger les lignes. Notre engagement quotidien, notre courage, construisent un avenir plus juste et plus équitable pour demain. Je finis avec cette citation d'Estée Lauder « *Je n'ai jamais rêvé du succès. J'ai travaillé pour l'obtenir* »

EAGER : Manohana ny fahavitan-tenan'ny vehivavy sy ankizivavy ho an'ny hoavy tsara kokoa

Ny tetikasa East Africa Girls' Empowerment and Resilience (EAGER) dia mikendry mikendry ny hampitombo ny fari-pahaizana sy ny fahaleovantenan'ny vehivavy sy ankizivavy marefo any Mozambika sy eto Madagasikara. Ny taona 2024 hatramin'ny 2030, ny tetikasa dia hanohana tovovavy maherin'ny roa tapitrisa mba hijanona sy hiverina an-tsekoly, ary vehivavy tanora manodidina ny 160 000 hahita fahombiazana eo amin'ny tsenan'asa. Ny tetikasa dia mikasa ihany koa ny hanamafy ny fahaiza-manaon'ireo mpiantsehatra eny anivon'ny fiarahamonina eo amin'ny 26 000 isa eo amin'ny fanatanterahana ireo fanavaozana mikasika ny fitovian-jo.

Fanabeazana, asa ary tontolo manohana

Miorina amin'ny singa telo lehibe ny tetikasa. Voalohany, manohana ny fanabeazana an'ireo tovovavy, (10 - 17 taona) izy amin'ny alalan'ny fiofanana ho fanamorana ny fiverenana any an-tsekoly. Faharoa, manampy ireo vehivavy tanora (18 - 35 taona) hahita asa mamokatra, amin'ny alalan'ny fiofanana arak'asa, tantsoroka sy fanohanana ara-bola. Farany, mampiroborobo tontolo manohana ny EAGER amin'ny alalan'ny fanamafisana ny politikan'ny fitovian-jo, ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny maha-lahy sy maha-vavy, ary fametrahana sehatra iraisam-paritra fifampizarana fahalalana.

Eto Madagasikara, ny FID – Fonds d'Intervention pour le Développement no manatanteraka ny tetikasa, eo ambany

©FID / Sitraka Randrianjatovonarivo

fandrindran'ny Ministera misahana ny Fanabeazam-pirenena, ary vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola mitentina 180 tapitrisa dolara amerikana.

EAGER : Autonomiser les femmes et les filles pour un avenir meilleur

Le projet East Africa Girls' Empowerment and Resilience (EAGER) vise à accroître le niveau d'instruction et l'autonomie économique des filles et des jeunes femmes vulnérables au Mozambique et à Madagascar. De 2024 à 2030, il appuiera plus de deux millions de jeunes filles, à rester et à retourner à l'école, et accompagnera environ 160 000 jeunes femmes à réussir sur le marché du travail. Il renforcera également la capacité de près de 26 000 intervenants locaux dans la mise en œuvre des réformes en faveur de l'égalité des sexes.

Éducation, emploi et environnement favorable

Le projet repose sur trois grands axes. Il favorise d'abord l'éducation des adolescentes (10-17 ans) à travers des espaces sûrs et des formations, facilitant leur réintégration scolaire. Ensuite, il accompagne les jeunes femmes (18-35 ans) vers un emploi productif grâce à des formations professionnelles, du mentorat et des soutiens financiers. Enfin, EAGER agit pour un environnement propice en renforçant les politiques d'égalité des sexes, en luttant contre les violences basées sur le genre et en développant une plateforme de connaissances régionale.

A Madagascar, le projet est mis en œuvre par le FID-Fonds d'Intervention pour le Développement, sous la coordination du Ministère de l'Éducation Nationale, avec un financement de 180 millions de dollars de la Banque mondiale.

Hita tany ho any

Tatitra momba ny Fiahiana ara-tsosialy 2025 : Ny fanamby ho an'ny olona miisa 2 Miliara

Mihoatra lavitra noho ny fanomezana vatsy ara-bola fotsiny ny fiahiana ara-tsosialy ; ahitana politika sy fandaharanasa izay manampy amin'ny fampitomboana ny fahaiza-manao, ny loharanom-bola ary ny fahazoana vaovao, izay manampy ireo olona hahita asa tsara kokoa. Ireo andry telo iorenan'ny fiahiana ara-tsosialy – ny fanampiana ara-tsosialy, ny fiantohana ara-tsosialy, ary ireo fandaharanasa momban'ny tsenan'ny asa – dia manampy ny tokantrano hiatrika olana, hivoaka amin'ny fahantrana, handray fiovàna ary hahomby amin'ny sehatry ny asa. Na dia efa betsaka aza ny ezaka efa natao tao anatin'ny folo taona farany, dia mbola misy olona miisa 2 miliara tsy mbola tafiditra na tsy ampy ny fandraisany ny fiahiana ara-tsosialy any amin'ireo firenena sahirana. Ity tatitra ity dia manazava sehatra efatra azon'ny fanjakana ifantohana mba hanatsarana ny tombontsoa azo avy amin'ny fiahiana ara-tsosialy mifanaraka ho an'ny rehetra : fanitarana ny fiahiana ara-tsosialy ho an'ireo sahirana; fanamafisana ny fanohanana ny rafitra fiahiana ara-tsosialy; fametrahana rafitra fiahiana ara-tsosialy afaka miatrika ireo voina ; fanamafisana ny famatsiam-bola eo amin'ny fiahiana ara-tsosialy.



Vu ailleurs

Rapport sur l'état de la Protection Sociale 2025 : Le défi de 2 Milliards de personnes

La protection sociale va bien au-delà des transferts monétaires ; elle comprend des politiques et des programmes qui comblent les lacunes en matière de compétences, de ressources financières et d'information, aidant ainsi les personnes à accéder à de meilleurs emplois. Les trois piliers de la protection sociale – l'assistance sociale, l'assurance sociale et les programmes du marché du travail – aident les ménages et les travailleurs à gérer les crises, à sortir de la pauvreté, à affronter les transitions et à saisir les opportunités d'emploi. Pourtant, malgré une expansion substantielle au cours de la dernière décennie, 2 milliards de personnes restent non couvertes ou insuffisamment couvertes dans les pays à revenu faible et intermédiaire. Ce rapport détaille quatre domaines d'action que les gouvernements peuvent adopter pour maximiser les bénéfices d'une protection sociale adéquate pour tous : étendre la protection sociale aux personnes dans le besoin ; renforcer l'adéquation du soutien à la protection sociale ; mettre en place des systèmes de protection sociale résistants aux chocs ; et optimiser le financement de la protection sociale.

Sources : https://openknowledge.worldbank.org/